REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

TENY FIARAHA-MIORY

Manoloana ny fihotsahan'ny tany teny amin'ny Fokontany Tsimialonjafy, Ampamarinana, ny alin'ny sabotsy 19 janoary 2019 lasa teo, izay namoizina ain'olona sy nisiana naratra ihany koa,

Ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA, dia maneho ny fiaraha-miory sy mirary fiononana feno amin'ireo fianakaviana mana-manjo. Mankahery azy ireo ihany koa noho izao voina mianjady izao, ary mirary fahasalamana haingana ho an'ireo mbola andalam-pitsaboana.

Efa nandray andraikitra tamin'ny anaran'ny fitondram-panjakana mahefa ny Praministra lehiben'ny Governemanta sy ireo ministra. Andriamatoa Filohan'ny Repoblika kosa dia manamafy ny fisaorana ireo tompon'andraikim-panjakana isan'ambaratongany, ny mpamonjy voina, sy ireo olom-pirenena rehetra niara-nisalahy nandritra ny fitrangan'ny loza.

Ny Fiandraiketana ny Serasera
Fiadidiana ny Repoblika
Androany, 22.01.2019

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

CONDOLEANCES DE SEM LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE AUX VICTIMES DE L'EBOULEMENT A TSIMIALONJAFY, AMPAMARINANA-ANTANANARIVO

Son Excellence Monsieur le Président de la République présente ses sincères condoléances aux familles des victimes du drame survenu le soir du samedi 19 janvier 2019 et souhaite un prompt rétablissement à tous les blessés.

Le Premier ministre, Chef du gouvernement ainsi que les autres ministres ont déjà pris leurs responsabilités au nom de l'État malagasy, SEM le Président adresse ses remerciements à tous les responsables à tous les niveaux ainsi qu'à tous les citoyens ayant contribué aux opérations de sauvetage.

Antananarivo, ce 21 janvier 2019

La Direction de la Communication
Présidence de la République
Ce 22.01.19